

FIHAONAN'NY PRAIMINISITRA TAMIN'IREO SOLOMBAVAMBAHOAKAN'NY FANOVANA

**Mahazoarivo, ny 06 Jona 2018** – Noraisin'ny Praiminisitra Ntsay Christian teto amin'ny lapa, amin'ny maha-lehiben'ny Governemanta azy, ireo solombavambahoakan'ny fanovàna androany.

Fotoana nahafahan'ireo solombavambahoaka nitondra ny hetahetany momba ny fanovàna sy ny fitakiana avy amin'ny vahoaka izany, ary dia nisy ny fifanakalozana sy ny fifampizaràna teo amin'ny roa tonta.

Nanamarika ny lehiben'ny Governemanta fa amin'ny maha-Praiminisitry ny marimaritra iraisana azy dia tsy maintsy ho hita taratra ao anatin'ny fanendrena an'ireo ho mpikambana vaovao ao amin'ny Governemanta izany foto-kevitra izany, ka hotanterahina ao anatin'ny fifampiresahana sy fifandresen-dahatra.

Ny firosoana amin'ny fifidianana no laharam-pahamehan'ny Governemanta, izay hiainga avy amin'ny fanatsaràna ny fomba fitantanana ny raharaham-panjakana, mba hahatongavana amin'ny fitantanana tena mahomby, ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy rehetra ; ary ny fametrahana ny fitoniana sy ny fifehezana ny fandriampahalemana.

Notsindrian'ny Praiminisitra manokana ny resaka fanarahana ny lalàna velona, ka nitondràny fanazavana ny amin'izay zavatra azo tanterahana avy hatrany, sy ireo mbola hiandrasana ny fitsanganan'ny Governemanta, izay vaindohan-draharaha amin'izao fotoana izao.

*Ny Serasera*








FIHAONAN'NY PRAIMINISITRA TAMIN'IREO SOLOMBAVAMBAHOAKAN'NY FANOVANA

**Mahazoarivo, ny 06 Jona 2018** – Noraisin'ny Praiminisitra Ntsay Christian teto amin'ny lapa, amin'ny maha-lehiben'ny Governemanta azy, ireo solombavambahoakan'ny fanovàna androany.

Fotoana nahafahan'ireo solombavambahoaka nitondra ny hetahetany momba ny fanovàna sy ny fitakiana avy amin'ny vahoaka izany, ary dia nisy ny fifanakalozana sy ny fifampizaràna teo amin'ny roa tonta.

Nanamarika ny lehiben'ny Governemanta fa amin'ny maha-Praiminisitry ny marimaritra iraisana azy dia tsy maintsy ho hita taratra ao anatin'ny fanendrena an'ireo ho mpikambana vaovao ao amin'ny Governemanta izany foto-kevitra izany, ka hotanterahina ao anatin'ny fifampiresahana sy fifandresen-dahatra.

Ny firosoana amin'ny fifidianana no laharam-pahamehan'ny Governemanta, izay hiainga avy amin'ny fanatsaràna ny fomba fitantanana ny raharaham-panjakana, mba hahatongavana amin'ny fitantanana tena mahomby, ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy rehetra ; ary ny fametrahana ny fitoniana sy ny fifehezana ny fandriampahalemana.

Notsindrian'ny Praiminisitra manokana ny resaka fanarahana ny lalàna velona, ka nitondràny fanazavana ny amin'izay zavatra azo tanterahana avy hatrany, sy ireo mbola hiandrasana ny fitsanganan'ny Governemanta, izay vaindohan-draharaha amin'izao fotoana izao.

*Ny Serasera*










**Jeannot Ramambazafy - Hajaniaina Randriamananarivoarivelona**